Mijanòna ianao mandritra ny fe-potoan'ny fadim-bolanao, avy eo dia mandroa.”

Tatitra azo avy tamin'i Aicha Renin'ny mpino (R.A) niteny : Nitaraina tamin'ny Irak'Allah (S.A.W) i Omm Habibah binti Jahsh, izay teo ambany fiahian'i Abd al-Rahman bin Awf, momba ny rà, dia niteny izy (S.A.W) : "Mijanòna ianao mandritra ny fe-potoan'ny fadim-bolanao, avy eo dia mandroa.” dia nisasa izy isaky ny hivavaka.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nitaraina tamin'ny Mpaminany (S.A.W) ny iray tamin'ireo vehivavy mpiara-dia taminy fa nandeha rà tsy an-kijanona izy. Dia nasainy nitsahatra tsy nanao Soalat izy raha mbola ao anatin'ny fadim-bolana talohan'ny nahatongavan'io zava-baovao io aminy, avy eo dia mandro sy mivavaka izy, ka tamin'izany izy dia nandro an-tsitrapo isaky ny hanao Soalat.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/10015